DAHALO 3 LAVO

Zazalahikely 14 taona nataon'ireo malaso takalon'aina

Zazalahikely 14 taona no nataon'ireo malaso takalon'aina tany Tomboarivo Amboasary Atsimo, faritra Anôsy. Noho ny ezaky ny zandary sy ny fokonolona tany an-toerana, avotra soa aman-tsara ihany ity zazalahikely ity, dahalo 3 kosa no lavo nandritra izany. Nalain'ny dahalo miisa telo mitampiadiana i Mahasolo 14 taona tao Ambohitra, kaominina Tomboarivo- Amboasary-Sud, afak'omaly tamin'ny 3 ora tolakandro. Nidina tany an-toerana tsy nisy hatak'andro ireo zandary avy ao Tomboarivo sy Tsivory nampian'ireo fokonolona avy ao an-toerana sy

Dahalo lavo nandritra ny fifandonana tamin'ny zandary sy ny fokonolona.

Ankotita, hanao fanarahan-dia sy fanavotanaina ary fisamborana ireo dahalo. Fantatra fa nitaky omby roa sy vola 500.000 ar ireo dahalo ho solon'ny famotsorana ny takalonaina.

Tao Meba, Tomboarivo, Amboasary Sud, no tratra ireo dahalo tamin'ny 5 ora sy sasany hariva, ka raikitra avy hatrany ny fifandonana mahery vaika. Vokany, avotra soa amantsara i Mahasolo; olontsotra iray mpanaradia avy amin'ny fokonolona no naratra kely; lavo avokoa ireo dahalo telo; tsy nisy omby na vola azon'ireo dahalo. Faly aoka izany ny Ray aman-dRenin'i Mahasolo ka velom-pisaorana ny rehetra.

Niaina

Faritra Itasy

Misy ny tambazotra mpamotsy taratasin'omby

Misy amin'izao fotoana tambazotra mpamotsy taratasin'omby halatra any amin'ny distrikan'i Soavinandriana faritra Itasy iny. Saronan'ny mpitandro filaminana ankehitriny izany tambazotra famotsiana taratasin'omby halatra izany. Tra-tehaka ny lehilahy iray, atidohan'ny famotsiana omby sy fanaovana taratasy hosoka. Loharanom-baovao azo avy amin'ny olona tsara sitrapo no nijokoana azy tao Soavinandriana Itasy tamin'ny fiandohan'ity herinandro ity, rehefa nanaovan'ny zandary velapandrika. Mampiasa taratasin'omby ara-panjakana hosoka miisa telo izy ary ampiasainy izany isaky ny tsenan'omby ao an-toerana. Rehefa natao ny fisavana ny tranony tany Morarivo Mananasy, sy ny fivantanany tao Soavinandriana, dia nahitana fitaovana fanaovana ny hosoka ary antotan-taratasy samihafa.

Ireo mpamotsy taratasin'omby tratra tany Soavinandriana (olona 3 afovoany).

Voarohirohy ho mpiray tsikombakomba ihany koa ny olona 2 mpivarotr' omby manana patanty izay misoratra FIB hosoka monina ao Mananasy, sy avy ao Anosilava Soavinandriana. Omby miisa 3 no nogiazana avy hatrany amin'izao raharaha izao, ka atolotra ny fitsarana izay voarohirohy rehetra.

Stefa

Fitaterana

Niverina niasa nanomboka omaly ny taksibrosy amin'ny RN7

Niverina niasa nanomboka omaly ny taksibrosy amin'ny lalampirenena faha-7 na ny RN7. Nisokatra omaly tokoa ny zotra nasionaly mampitohy an'Antananarivo - Fianarantsoa ary Toliara amin'iny lalam-pirenena faha7 iny. Hisy ny fotodrafitr'asa efa ho vita, fakana aina (aire de repos) amin'ity lalam-pirenena ity, raha sendra vizambizana, ao Ambalamanakana, kilometatra vitsy mialoha ny hidirana an' Ambositra. Misy efitrano fidiovana, WC sy toerampisakafoana, toeram-pivarotana ary tobin'ny zandarimariam-pirenena, foto-drafitrasa izay nataon'ireo mpandraharaha manamorona ity lalampirenena ity. Arak'izany, efa nandeha avokoa nanomboka omaly ny taksibrosy zotra nasionaly hatrany Toliara, ny zotra rejionaly rehetra amin'iny zotra iny. Irina mba samy hanaraka ny fepetra ara-pahasalamana avokoa ny rehetra, na ny mpitatitra, na ny mpandeha amin'izany zotra izany, fa mbola tena mamely ny valanaretina coronavirus.



Ny RN7, mandalo ny distrikan'Ihosy.

Aly

Fitateram-bahoaka

Tsy voatandro ny fanajàna ny fepetra fitaovam-piarovana

Noresahana be tamin'ny haino aman-jery ny hampiasan'ireo mpamily sy resevera ny arotava sy ny "visière" tany am-panombohana ny fanokafana indray izao farany izao ny zotram-pitateram-bahoaka eto an-drenivohitra sy ny manodidina. Nanantitrantitra izany ny tomponandraikitra nialoha ny nanombohan'izy ireo ny asa fitaterana. Anisany ihany koa ny famendrahana fanafody ny fiara rehetra izay hiàsa hitatitra vahoaka, sy ny amin'ny hampiasan'izy ireo ny "gel hydroalcoolique" amin'ny tànan'ireo mpandeha.

Tsy hita ho voahaja ara-dalàna, an-tsakany sy an-davany, anefa izany andro vitsy monja taty aoriana, ka mandraka ankehitriny. Miha-misy ny gaboraraka. Ny fitondran'ny mpamily sy resevera arotava aloha dia hita ho voahaja ihany, fa eo amin'ity fitaovana miendrika fitaratra plastika "visière" ity, no samy manao izay saimpantany. Matetika dia hampiakarin'izy ireo ho toy ny lasa kasikety, indrindra ny mpamily, io fitaovana io. Misy miàla bala fa hoe tsy mahita làlana hono. Ny tsikaritra anefa dia miha-vasoka na ihany koa ny an'ny sasany miha- maloto izy ireny, fa tsy voatandriny; na asa aloha raha toy ireny no hiafaràn'io fitaovana io rehefa ampiasaina isan'andro tsy mitsahatra? Tokony hisolo matetika ihany koa izany io fitaovana io, fa tsy iny iray iny ihany no ampiasain'izy ireo maharitra. Iza anefa no hahavita izany? Ny tomponandraikitra niseho hizara "gel hydroalcoolique" tany am-piandohany aza toa tsy nahavatra akory nanome ireo mpitatitra. Ny kaoperativa misy ny tsirairay matetika mihalangalana. Ireo mpitatitra rahateo efa mpanao antsirambina izany. Iaraha-mahita tsara ny ataon'izy ireo, izay misy mbola mitondra "gel" ihany, fa misy tsy manao sy tsy ahitana mihitsy. Maneho ny toe-javamisy eto amin'ny fiainampirenena izany tranga eo amin'ny seha-pitaterana izany.

Radafy

Ambatolampy

Misy sahady ireo mpitatitra manararaotra mampakatra saran-dalana

Araka ny kabary nambara ny alahady lasa teo dia miverina misokatra ny fitaterana any amin'ny ny lalam-pirenena faha 7, tsy ela arak'izany dia nandray ny asany ireo mpitatitra isan-karazany mampitohy iny lalam-pirenena iny. Ho an'ny taxi-brousse zotra Rezionaly mampitohy an'Antananarivo sy Ambatolampy, na Ambatolampy Antananarivo dia efa nanomboka sahady ireo tsy fanarahan-dalàna manodidina izany fitaterana izany, nisy arak'izany ireo mpitatitra nampidangana ny saran-dalany ho 12000 Ar, vokatr'izany dia nimenomenona ireo mpandeha, fa tafahoatra loatra ny fanararaotana ataon'ireto mpitatitra sasantsasany ireto, nandray andraikitra kosa anefa ireo tompon'andraikipanjakana any an-toerana, ka nampiantso ireo mpitatitra naneho azy ireo ny rariny sy hitsiny, tokony hijanona ho 4000 Ar ny saran-dalana, hoy ireo manampahefana tany an-toerana ary ho faizin'ny lalàna izay mampiakatra ambon'izany,betsaka tamin'ireo mpitatitra anefa no nimenomenona, fa misy ny mizana tsindrinila eo amin'ity resaka fitaterana ity, misy zotra iangarana, ka 6000 Ar ny azy ireo, izay azo lazaina fa olona mpanefoefo sy manan-katao no tompony, ireo mpitatitra tsotra kosa anefa nanamarika, fa izay 5 volana nanakatonana ny lalam-pirenena izay dia niaina tao anatin'ny fantiantoka izy ireo ary nidiran-trosa tanteraka, misy aza ireo nivarotra fananana mihitsy handoavana ny volan'ny Banky, izay nindramana vola nividianana fiara. Nanamafy ireo mpitatitra madinika, fa tsy nisy vahaolana azon'izy ireo hatramin'zao raha ny fampanantenana nataon'ny filoham-pirenena tamin'ny fanampiana azy ireo. Noho izany dia nanamafy izy ireo fa tokony ho jerena akaiky ny mahakasika ny fitateram-bahoaka zotra rezionaly mampitohy ny 104 sy ny 101 ity, noamafisin'ireo mpitatitra madinika ihany koa fa manaraka ny fepetra sy ny toromarika napetraky ny fanjakana izy reo.

Nofy Andrianjaka

NY VALOSOA VAOVAO Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)
Dokam-barotra
Tel. 034 79 076 00